

**FAMPITAM-BAOVAO**

**FANAMBARANA VOINAM-PIRENENA**

**Mahazoarivo, ny 24 Janoary 2020** - Manoloana ny voina izay nihatra tamin'ny faritra maromaro izay nateraky ny rotsak 'orana be loatra dia nampiantso fivoriana tsy ara-potoana ny filankevi-pirenena mikasika ny fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza amin'ny maha-filoha mpitantana io rafitra io azy ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta Ntsay Christian teto Mahazoarivo androany.



Fivoriana izay nandinihana sy namakafakana ireo fahavoazana misy ka ahafahana mamaritra paikady entina mitondra vahaolana sy fanampiana avy hatrany ho an'ireo traboina ary hanarenana farany izay haingana ny fahasimbana misy, indrindra amin'ireo Faritra fito izay tena nitondra takaitra. Raha ny tarehimarika voaray nandritra ny fivoriana dia fantatra fa manodidina ny 80.000 ny isan'ireo tra-boina, 21 no namoy ny ainy ary 20 no tsy hita popoka, tarehimarika

izay mety hisy fiovana. Misy eo ankilan’izany ny fahatapahan’ny lalana maromaro, toy ny RN4, RN6, RN7, RN1 BIS, RN3A, RN34.



Noho izany dia nanao “fanambarana voinam-pirenena” na *“déclaration de sinistre national”*, noho ny voina nateraky ny andro ratsy izay nitondra rotsak’orana be loatra ny Praiminisitra, ka ankoatra ny fampiasana ireo fitaovana rehetra eo am-pelatanana dia manao antso avo amin’ny rehetra izy mba hifanome Tanana amin’ny vonjy aina sy ny fanarenana ny fahasimbana.

Entanina ny rehetra ho mailo ny amin’ireo loza maro mety hiseho tahaka ny fiakaran’ny rano sy ny fihotsahan’ny tany, fahatapahan’ny andrin-jiro…; ary hanaraka ireo toromarika izay omen’ireo tompon’andraikitra.

***Ny Serasera***